FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**FAMPITAM-BAOVAO**

**Misokatra ny fandaharanasa Fihariana : ho fanoitra ho an'ny tetikasan'ireo tanora malagasy**

Nisokatra amin'ny fomba ofisialy androany 18 mai 2019 ny fandaharanasa nasionaly ho an'ny fandraharahana Fihariana. Ny fandaharanasa Fihariana dia misokatra ho an'ny tanora sy ny vehivavy manerana an'i Madagasikara, izay manana faniriana hanangana na hanitatra ny orinasany ka hitondra fampandrosoana ho an'ny firenena. Efa misokatra noho izany ny fametrahana ny antontan-taratasy eny amin'ny Chambres de Commerce manerana ny nosy. Manana petra-bola 200 000 000 000 ariary ny fandaharanasa Fihariana ankehitriny, izay vokatry ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka toy ny SONAPAR. Ny fanjakana no tompon'antoka ary ny banky BNI sy BOA no hanome ny fampindram-bola amin'ny tahany ambany ho an'ireo tetikasa voafantina ka 1 tapitrisa hatramin'ny 200 tapitrisa ariary no famatsiana ho azon'ireo tetikasa ireo. 15 andro kosa ny fe-potoana hahazoana ny famatsiam-bolan'ny tetikasa rehefa avy nandalo ny fantina rehetra. Tsara marihina fa ny fandaharanasa Fihariana dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana amin'ny alalan'ny famoronana asa, ny fampivoarana ny vehivavy sy ny tanora ary fampiroboroboana ny indostria. Namporisika hatrany ireo tanora ny filoha Andry Rajoelina mba hanangana orinasa, hanana toe-tsaina tia karokaroka, hamorona asa, ary handray an-tanana ny ho avin'izy ireo mba ho fanoitry ny fampondrosoan'i Madagasikara ny tanora Malagasy.

Sampandraharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
18-05-2019

Entrepreunariat